**Sabata 21 Mars 2026 – Departemanta Fahafahana ara-pivavahana sy ny Raharaha ara-panjakana (PARL)**

**Andro natokana ho fahatsiarovana ny tolom-pahafahana sy ny fitiavan-tanindrazana nataon'ireo maherifon'ny firenena tamin'ny hetsiky ny 1947.**

**Fampidirana**

Manasa antsika aho hamaky izay voasoratra ao amin'ny Salamo 23: 4 "*Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny loza aho, fa Hianao no amiko; ny tsorakazonao sy ny tehinao, ireo no mahafa-tahotra ahy*"

**Fanontaniana: efa mba nosaininao ve hoe : Inona ny tena mafy alokin'ny fahafatesana sa fahafatesana?**
Mazava ho azy ny valiny fa ny alokin'ny fahafatesana no mafy nohon'ny fahafatesana satria ny olona rehefa maty izy dia tsy mahalala na inona na inona intsony eee, fa ny olona mandalo alokin'ny fahafatesana dia mahatsapa mafy be satria hitany ary tsapany ny mahazo azy rehetra.

Nolalovan'ireo mahery fontsika izany fanandramana izany nandritra ny ady izay natrehina. Na izany aza anefa nahavita ny adidy izy ireo ary indro isika miaraka mahatsiaro izany tolom-pahafahana sy ny fitiavan-tanindrazana nataon'ireo maherifon'ny firenena tamin'ny hetsiky ny 1947.

Izao anefa, ny fahaleovan-tena no azo fa ny karazana alokin'ny fahafatesana dia mbola iainantsika ary tsy misy afa-bela amin'izany ny tsirairay na amin'ny sehatra inona io na amin'ny sehatra inona na Mpitondra isika na Foloalindahy indrindra fa isika Vahoaka.

**Inona avy izany alokin'ny fahafatesana izay lalovantsika amin'izao fiainana izao izany?**

- **Alokin'ny fahafatesana ny tsy fahasalamana** ohatra (maro ny miady mafy rehefa mandalo an'io satria tena maharary, miatra aman'aina mihitsy)
- **Alokin'ny fahafatesana ara-pitiavana na tokantrano** (betsaka amin'izao fotoana izao no miandry sarahana fotsiny , miaritra ao anatin'ny fiainan- tokatrano fa efa tsy misy fanantenana intsony eee, mahatsiaro marary fa saingy izay no zava-misy dia atrehina)
- **Alokin'ny fahafatesana arak'asa** (mahatsiaro mandalo olana amin'ny resaka asa fivelomana, toa miasa ihany fa tsy mampiditra, toa voa maika mihamafy hatrany)
- **Alokin'ny fahafatesana ara-panahy** (nihamangatsiaka ny ara-panahy, ny fitiavam-bavaka sy fianarana ny Teniny, eo amin'ny fanompoana amin'ny ankapobeny mihitsy)

Ary indro fa misy fiatraikany maro izany eo amin'ny fiainana andavanandro, ka toa zary sakana eo amin'ny fampandrosoana amin'ny sehatra isan-karazany.
Mijoro hatrany anefa isika ankehitriny, manao izay azo atao hijerena vahaolana. Miezaka mafy amin'ny adidy sy ny andraikitra.

Androany anefa anefa dia manome toro-lalana izay tokony ataontsika ny Tenin' Andriamanitra. Izay everina fa azon'ny rehetra ampiharina manoloana ny alokin'ny fahafatesana rehetra na Mpitondra isika na Foloalindahy indrindra fa isika Vahoaka.

Koa mipetraka àry ny fanontaniana manao hoe:
**Inona tokony atao rehefa mandalo alokin'ny fahafatesana isika ?**

**Voalohany** : Aza adino fa toe-tsaina nanoratana ny Salamo 23 dia resaka mpiandry Ondry sy Ondry. Izany hoe tena azo antoka fa mandalo Lohasaha alokin'ny fahafatesana ny Ondry .. ny mpandinika dia milaza fa io no fotoana ilain'ny Ondry ny mpiandry Ondry.
Araka izany, amin'ny fotoana handalovantsika amin' io Lohasaha io no tokony **hampitomboana ny fifandraisantsika amin'ilay Tena Mpiandry.**
**Ampitomboy ny vavaka**

**Faharoa** : **Henoy ny feony**.... betsaka tokoa manko ny feo re rehefa mandalo Lohasaha alokin'ny fahafatesana isika ary feo mampatahotra no re any matetika... Fa raha maheno feon'ilay tena Mpiandry isika dia feo mampahery izany eee. Aza adino fa ny ondriny dia mahalala feon'ny tompony. Aza mihaino feo mampakivy fa feo mampahery henoina.

**Fahatelo**: **Miantehera amin'ny tehin'ilay mpiandry** ... betsaka ny zavatra mety azo hianteherana rehefa mandalo Lohasaha alokin'ny fahafatesana fa saingy tsy azo antoka fa ny tehin'ilay Mpiandry irery io no azo antoka sy manafaka antsika amin'ny tahotra rehetra (misy 366 ny teny hoe "*Aza matahotra*" ao amin'izany Tehina izany ary 31 ny teny hoe "*Mahereza*" izany hoe homena ahy sy ianao indray mandeha isan'andro izany)

**Farany :** Inona no miandry rehefa afaka ao anaty Lohasaha alokin'ny fahafatesana ?
And 5a « *Mamelatra latabatra eo anoloako eo imason'ny fahavaloko Hianao…* »

**Fanontaniana** : Niaraka tamintsika tao anaty Lohasaha ve ilay latabatra ?
Tsia ry havana, aza adino fa toe-tsaina nanoratana ny Salamo 23 dia Ondry sy mpiandry Ondry.. fantatsika tsara fa ny mpiandry Ondry jiosy dia any aloha fa tsy any aoriana no misy Azy. Arakin' izany dia mandeha aloha mandrakariva izy ireo mijery sy manomana ny toerana hiandraisana ny Ondry …

Mino Aho fa efa nialoha lalana antsika mandritran'izay 79 taona nahazahoanatsika ny fahaleovan-tena izay ny mpiandry Ondry tsara … handamina sy hanomana toerana handraisana antsika ary indrindra ilay latabatra hiarahany misakafo amintsika.
Aza kivy fa tsy maintsy lalovana ilay Lohasaha alokin'ny fahafatesana mba hiakarana eo amin' ilay latabatra ary hitondra eo amin'ny fampandrosoana marina.
Koa amin'ity 2026 ity dia ho eo amin'ilay latabatra isika.
Fa ny tena zava-dehibe dia ity: MBA fantatrao ve ry havana fa 2000 taona lasa izay i Jesosy nilaza Jaona 14:1-3 (efa nialoha lalana izy hanamboatra ny toerana handraisana antsika eeee , tsy ho ela zany fotoana izany... Courage courage eo amin'ilay latabatra lavabe no rendez vous.

**Eo am-piandrasana**:
- Ampitomboy Vavaka
- Mihainoa ny Teniny
- Hifikiro ny Tehiny

Pasteur Rado A. Rakotonandrasana, MA
Talen'ny Departemanta ny PARL/ Fifandraisana - IOUC